# FIANGONAN'I JESOA KRISTY ETO MADAGASIKARA
## SAMPANA FIFOHAZANA FOIBE

# KOMITY FOIBE

**Fénérive Est 02 - 03 Aogositra 2006**

**Ireto kosa ireo lahadinika amin'izao fivoriana izao :**

1°- Tatitra samihafa
2°- Ireo handraisana fanapahan-kevitra :
- ny fanomanana any @ SEFALA
- ny fifohazana Ankerana
- ny fiara
- ny fanavaozana tompon'andraikitra
- ny fanomanana ny Zaikabe
- ny teti-bola 2007

Eto am-pamaranana ry havana dia isaorana hatrany ny Tompontsika amin'ny fitarihany sy sy ny fanampiany ka antoka hahalavorary izao fivoriantsika izao .
Isaorantsika manokana ny Tonian'ny Departemantan'ny Fiangonana , RADIMISAON Jonah , Mpitandrina sy ny solontenan'ny Mpiandraikitra Foibe ato amin'ny SAFIF , Andriamatoa TOTOZAFY Mpitandrina .
Tsy adinoina koa anefa ny mankasitraka ny Mpandray vahiny tamin'ny fikarakarana rehetra nataon'izy ireo ary antoka nahatontosana ny asantsika .
Mirary ny fahasoavana sy ny fiadanan'ny Tompo Jesoa ho an'ny tsirairay . Mahereza ary samia mahavita be amin'ny asan'ny Tompo .

HO AN'ANDRIAMANITRA IRERY ANIE NY VONINAHITRA . AMENA

# TENY FANOLORANA

*" Koa amin'izany ry rahalahy malalako , tahaka ny nanekenareo mandrakariva .!.... miasà amin'ny tahotra sy ny hovitra hahatanteraka ny famonjena anareo " ( Filip.2 / 12 )*

Ry havana ,

Ho aminareo mandrakariva anie ny fahasoavana sy ny fiadanan'ny Tompo Jesoa .

Mihazakazaka tokoa ry havana ny fotoana . Tonga sahady ity ny andro izay nokasaintsika herin-taona lasa izay . Raha alefa lavidavitra aza ny eritreritra dia fantatra fa raha ny fivoriana ara-potoana fanaon'ny Komity Foibe dia ity no fivoriana mialoha ny farany amin'izao taom-piasana nanendrena sy nifidianana antsika izao . Izany rehetra izany koa anefa dia tsy mamela antsika hitomoe-poana fa manosika antsika rehetra hiasa , hiasa hatrany , hiasa mandrakariva .

Misy tokoa izay efa niaraha-nanao . Nisy ny vita , nisy koa ny tsy tontosa noho ireo anton-javatra sami hafa . Ny tombon'andro omen'ny Tompo antsika anefa dia manainga antsika hanohy sy hanatsara izay efa natomboka .

Noho izany dia mahafaly anay ato anivon'ny Birao Foibe SAFIF ny manolotra ho anareo ireto :

- **Tatitr'Asa ankapobeny**
- **Tatitra Moraly**
- **Tatitra momba ny Vola**
- **Ireo andraisana fanapahan-kevitra**

Samia ary hotafian'ny Tompo hery sy fahavitrihana hombam-pitiavana hanatanteraka izao fivoriana izao.
Mirary ny fitahian'Andriamanitra sy ny fiadanany ho amintsika rehetra .

Amin'ny anaran'ny Birao Foibe

NY TONIA

RAKOTONDRAMANANA Arijaona , Mpitandrina

Fenerive- Est , faha 2 Aogositra 2006

KRISTY ETO MADAGASIKARA
SAMPANA FIFOHAZANA
FOIBE FJKM
F J K M

# TATITRA ATOLOTRA NY KOMITY FOIBE MIVORY ETO FENERIVE – EST NY 02 sy 03 AOGOSITRA 2006

## I - TATITR'ASA ANKAPOBENY

**Fitarihana :**

Miarahaba antsika mpikambana ato amin'ny Komity Foiben'ny Fifohazana nahatratra izao fotoam-pivoriana fanaontsika isan-taona izao . Ity indray no fotoana hihaonantsika tao aorian'ny fivoriana natao farany tany Mahajanga tamin'ny 16 – 21 Aogositra 2005 . Araka ny fanapahan-kevitra tokoa mantsy dia eto Fenerive – Est indray no hanatanterahana ny Komity Foibe amin'ity taona 2006 ity . Misaotra ireo havantsika aty an-toerana : ny Raiamandreny Prezida Synodaly sy ny Birao mpiara-miasa aminy , ny Filoha sy ny Biraon'ny SAFIF SP , ny Filoha sy ny Komity Mpitantana ny Toby ary indrindra ny Mpitandrina eto an-tanàna sy ny Fiangonana manontolo , amin'ny fahavononany handray sy hampiantrano ary hikarakara antsika mandritra ny andro vitsy iasana eto . Mirary fahombiazana sy fahasalamana ary fahavitrihana feno ho antsika rehetra mba samy hahatontosa ny zara fanompoana napetraky ny Tompo . Indro atolotra ho antsika ary ny tatitr'asa ankapobeny momba ny SAFIF :

**1°- Fivoriana :**

Misaotra an'Andriamanitra fa tomombana araka ny tokony ho izy hatrany ny fivoriana fanaon'ny Birao Foibe SAFIF isam-bolana . Somary nanatombo aza izany noho ireto antony ireto :

- teo aloha ny fiatrehana ny taon-jobily ( faha 25 taona ) : nisy hatrany fivoriana niarahana tamin'ireo komity na tamin'ny fanomanana ny famaranana na ny fiatrehana ny famitana ny tsangambato .
- ny fihaonana tamin'ny Biraon'ny Mpiandraikitra Foibe manodidina ny resaka " fampivondronana ny fifohazana FJKM "

**2°- Jobily :**

Misaotra an'Andriamanitra koa isika fa vita soa aman-tsara ny fankalazana Azy noho ny Jobily faha 25 taonan'ny SAFIF . Iny niarahantsika nahita sy nanatrika iny ny ivony sady fihaonamben'ny Fifohazana izay natao tany Mahajanga . Ny famaranana kosa dia natao tany Fianarantsoa ny 9 – 11 Desambra 2005 . Anisan'ny nanamarika izany famaranana izany ireto :

- fanokanana Iraka miisa 8 ( valo ) mianadahy mianaka : Rtoa isany RABARIVOLOLONA Georgette , RANOISANDY Ramanandriana , RAZOHAJA Nomenasoa Joseph , RAVAOMALALA Saurette , RAVAOARIMALALA Volana , MARINASY , FENO Jeanne , ary Atoa NABOTRA Arthur Ricci .
- Fanatrehan'ny solon-tenan'ny Foibe FJKM tamin'ny alalan'ny Sekretera Jeneraly RAKOTONIRINA Charles , Mpitandrina , ary ireo solon-tenam-panjakana sy olom-boafidy tao amin'ny faritany mizaka tenan'i Fianarantsoa ( PDS , Chef de Région , Maire , Loholona , Solom-bavahoaka , sns... )
- Synodam-paritany 26 / 36 no nahatonga solon-tena tamin'izany .

- Momba ny amin'ny tsangambato indray dia toy izao no fanapahan-kevitra noraisin'ny Birao :

* Mbola notazonina ny Komity ka niova anarana ho Komitin'ny Tsangambato

* Mitohy araka izany ny asa ka vinavinaina ho vita tanteraka ny trano ka hotokanana amin'ity volana Aogositra ity raha Sitrapon'Andriamanitra .

* Mbola misy asa hafa tsy vita , ary vola tsy maintsy ho efanina ( karaman'ny mpiasa , tamboho , zaridaina , fampidirana Jiro sy rano , sns... ka anaingana ny SP SAFIF na Mpiandry mahatsiaro fa mbola tsy nahatanteraka ny anjarany .

- Ny Asabotsy faha 24 Jona 2006 teo dia nisy fanompoam-pivavahana fifadian-kanina natao tao amin'ny FJKM ISOTRY Fitiavana ho fangataham-pitahiana ho an'ny firenena sy ny asa .

### 3°- Iraka :

Efa voalaza tetsy ambony ny fahavitan'ny fanokanana ireo Iraka andiany faharoa . Efa nanendry azy ireo hiasa any amin'ny Synodam-paritany samihafa koa ny Birao Foibe . Foto-kevitra anankiroa no nenti-nanendry azy ireo :

- teo ny fangatahana nataon'ny Synodam-paritany
- teo koa ny fahitan'ny Birao Foibe fa misy izay SP tokony hanirahana na dia tsy nangataka aza noho ireo antony samihafa .

Toy izao ary ireo SP nanendrena azy ireo :
SP Faritra Voalohany Antsiranana : Rtoa RAZOHAJA Nomenasoa J sy Rtoa FENO Jeanne
SP Miray Faritra Antongil : Rtoa MARINASY
SP Afovoany Atsinanana Vaovao : Rtoa RAVAOMALALA Saurette
SP Boina Vaovao : RANOISANDY Ramanandriana
SP Kristy Fihavanantsika Avaratra Atsinanana : Atoa NABOTRA Arthur Ricci
SP Mandridrano Mpiambina Soavinandriana Itasy : Rtoa RABARIVOLOLONA Georgette
Mbola miandry fandaminana kosa Rtoa RAVAOARIMALALA Volana

### 4°- Fiofanana sy fanokanana

Mahabe fanantenana ny fandrosoana sy ny firoboroboan'ny fanoloran-tenan'ny Kristiana amin'ny asa sy fiainam-pifohazana . Ahitana soritra izany ny fahamaroan'ny olona mahatsiaro voantso hanao Mpiandry ka miomana any amin'ny SEFALA , ny fisian'ny fanokanana isan-taona any amin'ny SP tsirairay , ny fahamaroan'ny kristiana manatrika ny fanompoam-pivavahana fanokanana ho Mpiandry ka miteraka fahasahiranana amin'ny fahateren'ny trano Fiangonana . Vokany , fanokanana maro no efa natao teny ankalamanjana . Tamin'ny fiofanana nataon'ny Katekista sy ny Delegasiona Pastoraly ny 13 – 16 Jolay teo dia notendren'ny Foibe FJKM hitarika izany ny Tonia . Araka ny fandaminana nataon'ny Foibe dia miaraka miofana ny SP : Kristy Ranovelona Ambovombe Androy , Toliary , Ambalavao Tsienimparihy , Matsiatrasoa ary Amoron'i Mania Ambositra . Ny ankamaroan'ireo SP ireo dia manana olana amin'ny fiaraha-miasa amin'i Manolotrony . Nohararaotina izany fotoana izany nanaovana fiofanana sy fampahafantarana ho an'ireo Katekista sy Delege Pastoraly ( izay Mpiandry rahateo no maro an'isa ) sy ireo zanaky ny FJKM natokana Mpiandry tany Manolotrony sy Ankerana . Ny mampisaotra an'Andriama nitra aloha dia tonga maro izy ireo ary afaka nifanakalo hevitra . Heverina fa hisy fivoarana ny toe-draharaha aoriana kely . Nisy rahateo fandaminana tsy maintsy natao mba hirosoana amin'ny fampivondronana ireo fifohazana ireo araka ny fanapahan-kevitry ny Synoda Lehibe .

Ny 25 – 29 Jolay lasa teo koa dia nisy fanofanana manokana nataon'ny Foibe SAFIF ho an'ireo Mpioma na taona faharoa rehetra tao amin'ny SP Antananarivo Andrefana , Antananarivo Atsinanana , Antananarivo Atsimo , Iarivo Avaradrano ary Atsimon'Iarivo

Miray . Tany amin'ny Toby Lovasoa FJKM Ambato lampy no nanaovana izany ary mpiomana teo amin'ny 570 no tonga nanatrika izany . Natao indrindra io toy izaỳ efa natomboka tamin'ny taona 2000 mba ho fanamafisana sy fanamasahana ny fitaizana .

**5°- FO.FI.FI. ( Foibe Fifampiofanan'ny Fifohazana )**

Mitohy tsy tapaka ny fanofanana izay karakarain'ny FOFIFI isam-bolana ho an'ny eto Antananarivo sy ny manodidina . Mitombo isa hatrany ny Mpiandry sy Mpiomana tonga manatrika ireny fiofanana ireny . Lohahevitra maro samihafa koa no velabelarina mandritra izany ka mahaliana ny rehetra .
Araka ny fanapahan-kevitry ny Komity Foibe tany Mahajanga dia hanokatra Sekoly iadidian'ny Fifohazana isika eny Antoby Ambohimanga . Noho ny zava-misy teny an-toerana anefa dia voatery natomboka tamin'ny taom-pianarana 2005 – 2006 izany ary ny " classe de 11 ème " no nanombohana azy . Amin'ity taom-pianarana hiditra ity dia heverina fa hisokatra koa ny 6ème . Ny olana anefa dia ny tsy fahampian'ny efitrano ianarana sy ny dablio ampiasaina izay tsy ampy sy tsy misy ka mbola itadiavan-dalana sady efa nifampiresahana tamin'ny Foibe rahateo izany .
Etsy ankilan'izany dia efa fantatsika fa nisy ampahany maro tamin'ny tany eny amin'ny FOFIFI no lasan'olona ary efa nofefeny . Eo ampikarakarana ny ampahany tavela isika izao ka aoka samy hahatsiaro amim-bavaka ny fanatanterahana ny asa .

## II - TATITRA MORALY

**Fitarihana :**
Zary zavatra sy asa fanao hatrany ny fanehoana ity tatitra moraly ity mba hanarahantsika akaiky ny fizotra sy ny fiainanan'ny SAFIF FJKM . Na dia izany aza anefa dia tsy milaza zavatra amin'ny antsipirihany loatra izy ity fa amin'ny ankapobeny kokoa . Indro atolotra ho antsika rehetra izany :

**1°- Momba ny Mpiomana :**

Mihamitombo ny fisian'ny olona manolo-tena sy mahatsiaro ho voantso hanao ny asan'ny Mpiandry . Na izany aza anefa dia hita ho misedra olana ihany izy ireo eo ampiatrehana na am-panatanterahana ny fiomanana :

- misy olona mampianatra kanefa tsy manana faharesen-dahatra ny amin'izay anjara fampianarana natolotra azy ireny ka manimba ny mpianatra na mampiova azy .
- maro ny SP SAFIF no tsy afaka nanaraka izay voalazan'ny fitsipika momba ny fanolorana ireo mpampianatra ( And.58 / 13 )
- misy ny tsy maharaka ny mombamomba ireo mpiomana ka misy fiatraikany any amin'ny fanolorana sy fanokanana azy ireny ( tsy voahaja ny tondrozotra sy toromarika nifanomezana tamin'ny fiofanan'ny Birao SAFIF SP , matahotra mandray fanapahan-kevitra )

*Tokony hisy fanapahan-kevitra hanatsarana ny fanomanana ho Mpiandry ataon'ity Komity ity*

**2°- Momba ny Mpiandry :**

Tsy mbola mety ho azonay hatramin'izao ny tarehi-marika momba ny isan'ny Mpiandry any amin'ny SP tsirairay . Vokatr'izany dia fantatray fa maro ireo Mpiandry no tsy manan-karatra

, voamarika aza fa rehefa akaiky toy izao ny fotoam-panavaozana vao mihazakazaka izy ireny manao karatra .:

Mbola tsy tena tratra ny tanjona amin'ny fitondrana sy fitaizana ny Mpiandry :

- Maro ny Mpiandry tsy manatrika fiofanana sy tsy manatanteraka asa .
- Toa zavatra tsy mampaninona loatra ny sasany ny tsy mamonjy ny fivoriana sy asa any amin'ny Toby ( ao anatin'izany ny Isan-Kerintaona sy fanokanana )
- Manentana ny Biraon'ny SP SAFIF sy izay mpiara-miasa aminy mba hanara-maso sy handray andraikitra tandrify azy avy manoloana ny toe-javatra tahaka izany .
- Misy koa ireo Mpiandry voatokana tany Ankerana izay zana-toby Farihimena kanefa efa nanaovantsika fanapahan-kevitra . ***Heverinay fa misy fandinihina manokana tokony hatao momba io amin'ity Komity Foibe ity .***

**3°- Momba ny Iraka :**

Tianay ny manamafy indray fa Raiamandreny sady mpiara-miasa amintsika izy ireny kanefa tsy ambaratongam-pitondrana akory . Noho izany dia azo iresahana tsara , hifampidinihina , hiaraha-miasa . Vonona handray fanitsiana sy fitaizana koa anefa na dia tena mpitaiza aza . Tsy mitsofoka amin'ny raharaha Pastoraly sy fitondram-piangonana izy ireny fa miandraikitra ny asam-pifohazana , ary izany dia iarahany amin'ny ambaratonga misy any an-toerana .

**4°- Momba ny Raiamandrenin'ny Toby :**

Vokatry ny fahitana ny toe-java-misy any amin'ny faritra samihafa dia nanao fandaminana izahay tato amin'ny Birao Foibe fa hisy fiofanana iombonan'izy ireo mba :

- hitovian'ny fomba fiasa
- hitovian'ny fomba fijery
- hitovian'ny fomba fitaizana
- hitovian'ny fomba fitantanana
- hitovian'ny tanjona hotratrarina

Any amin'ny Toby Kristy Manafaka " IBORA " no hanaovana izany fiofanana izany ny 8 – 10 Aogositra 2006 , ary hiafara amin'ny fanokanana ho Mpiandry ny Alahady 13 / 08 / 06 izany .

Ny SP tsirairay no miantoka sy mandavorary izay hahazoan'izy ireo manatanteraka izany fiofanana izany Ireto avy ny zavatra ampiofanina :

- Fandinihina Soratra Masina
- Ny Raiamandrenin'ny Toby sy ny lafiny fitantanana
- Ny Raimandrenin'ny Toby sy ny fitaizana ataony
- Ny Raiamandrenin'ny Toby sy ny fampandrosoana
- Ny Raiamandrenin'ny Toby sy ny lafiny fandaminana
- Ny Raiamandrenin'ny Toby miatrika ny ady @ VIH/SIDA
- Ny fiaraha-miasan'ny Fifohazana sy ny Dokotera

**5°- Momba ny Tonia :**

Nanomboka tamin'ny fivorian'ny Komity Foibe tamin'ny taona 2001 teny Anosivavaka SP Antańanarivo Andrefana no nandraisana fanapahan-kevitra fa " mba ho fanohanana ny Tonia " dia samy hanao ezaka isan-taona ny SAFIF SP tsirairay amin'izay endrika sy fomba anehoany izany . Misaotra an'Andriamanitra fa misy tokoa SP SAFIF ( eny Fiangonana mihitsy aza ) manao ho zava-dehibe izany ka tsy tapaka manatanteraka izany isan-taona ,

saingy mbola azo isaina amin'ny rantsan-tanana an'ila aloha hatreto . Ankasitrahana feno izy ireo ary ny hafa dia tsy omen-tsiny akory satria mety mitranga ihany ny fanadinoana noho ny andraikitra maro . Inoana kosa anefa fa isika rehetra dia samy nahatsiaro amam-bavaka azy sy ny mpiara-miasa aminy ary ny asa izay napetraky ny Tompo sy ny Fiangonana tamin'izy ireo.

Eto amparanana dia isaorana hatrany ny Tompo Jesoa . Misaotra antsika koa amin'ny fihainoana ny tatitra ary mivonona handray izay fanamarihana na fanontaniana avy aminareo mba hahazoana manatsara hatrany ny asan'Andriamanitra .

HO AN'ANDRIAMANITRA IRERY ANIE NY VONINAHITRA . AMENA

Amin'ny anaran'ny Birao .

| Ny Filoha | Ny Tonia |
|---|---|
| RABEHATONINA James , Mpitandrina | RAKOTONDRAMANANA Arijaona , Mpitandrina |